



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitavane - Tanindrazana - Fandrosoana

ce 08/07/24
see PY
✓
PU ve 305
Mon 26



REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2024

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-305

LANONAM-PAMARANANA NY FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHAN'NY
ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2024 SY LANONAM-PAMARANANA
NY FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA 2019-2024.

Fivoriana faha-14
Natao ny
Alatsinainy 1 Jolay 2024
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques

MPITANTSORATRA: - Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina
- Ramatoa NAHARIMAMY Lucien Irmah

FOTOANA: Alatsinainy 1 Jolay 2024, tamin'ny 11 ora sy 35 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Lanonam-pamaranana ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2024 sy lanonam-pamaranana ny fe-potoana fanaovan-dalàna 2019-2024.

- Hiram-pirenena -
- Lakolosy -

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

Andriamatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy, mitohy ny fivoriantantsika.

Miarahaba antsika tonga manatrika ny lanonam-pamaranana ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2024 izao ary koa ny famaranana ny fe-potoana fanaovan-dalàna taona 2019-2024.

Mialohan'ny hidirantsika amin'ny lanonam-pamaranana dia tiako ny mampahafantatra sy miarahaba antsika fa omaly Alahady 30 Jona 2024 ny "Journée Internationale du Parlementarisme", izay marihana isaky ny 30 Jona, sendra andro Alahady izy iny tamin'ity taona ity; koa miarahaba antsika namana Solombavambahoaka rehetra nahatratra izany vanim-potoana izany.

Andro natokana sy hieritreretana ary hanatsarana hatrany ny adidy aman'andraikity ny Parlemanta ny andro iraisam-pirenena toy izao ka mino aho fa tsy hataontsika tomponandraikitra maro eto amin'ny firenena handalo fotsiny izany andro malaza izany.

Etsy ankilan'izany Tompokolahy sy Tompokovavy, hatao any "Montreal-Canada" ny "10^{ème} édition du Parlement Francophone des Jeunes" na ny PFJ, ka taorian'ny fifaninanana izay nokarakarain'ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona, ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena ary ny "Alliance Française d'Antananarivo" dia Ramatoakely IMITSINJOLAVITRA Lalaina Amaralda sy Andriamatoakely SOLOFOHANITRA Jaspierre Toavina John no tanora vavy sy tanora lahy nahazo ny laharana voalohany ka hisolotena ny tanora Malagasy amin'izany fivoriana iraisam-pirenena ho an'ny tanora miteny Frantsay izany. Izy mianadahy ireo no mendrika amin'izany.

- Tehaka -

Amin'ny maha Filohan'ny Antenimierampirenena ny tenako dia mitsodrano anareo izahay mba hahaleo hahalasa amin'ny adidy horaisinareo any "Montreal-Canada", ombilahy vanga ka ho tsara mandroso sy ho tsara miverina ianareo mianadahy ary hitondra avo ny voninahitr'i Madagasikara. Marihina fa ny 3 Jolay 2024 ka hatramin'ny 11 Jolay 2024 no atao izay fihaonan'ny tanora any "Montreal" izay.

Misaotra anareo mianadahy ary mitsodrano anareo hahaleo hahalasa ary ho tsara mandroso, tsara miverina.

Afaka mamonjy ny toeranareo ianareo mianadahy.

Misaotra Tompoko.

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Hiditra amin'ny tena lanonam-pamaranana izao fotoam-pivoriana izao isika, iangaviana ianao, Ramatoa Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena izay miandraikitra ny fitanana antoratra mba hamaky ny andiny faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-69, andalana voalohany ao amin'ny Lalàmpanorenana ary farany ny andininy faharoa ao amin'ny "Loi Organique n°2018-010 relative à l'Élection des Députés à l'Assemblée Nationale".

- 2 -

- Famakiana ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-69 andalana voalohany ao amin'ny Lalàmpanorenana ary ny andininy faharoa ao amin'ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2018-010 -

Ramatoa NAHARIMAMY Lucien Irmah

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

«**Article 75.**- L'Assemblée Nationale se réunit de plein droit en deux sessions ordinaires par an. La durée de chaque session est fixée à soixante jours.

La première session commence le premier mardi de mai et la seconde, consacrée principalement à l'adoption de la loi de finances, le troisième mardi d'octobre».

Famakiana ny andininy faha-69 andalana voalohany ao amin'ny Lalàmpanorenana.

«**Article 69.**- Les membres de l'Assemblée Nationale sont élus pour cinq ans au suffrage universel direct».

Famakiana ny andininy faharoa ao amin'ny «Loi Organique n°2018-010»

«Article 2- Les pouvoirs de l'Assemblée nationale expirent la veille du jour de la cinquième année de la proclamation des résultats officiels des élections de ses membres par la Haute Cour Constitutionnelle. Le mandat des Députés de l'Assemblée nationale est de cinq (5) ans. L'Assemblée nationale se renouvelle intégralement.

Misaotra Tompoko.

- Kabary ataon'Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -

Andriamatoa FILOHA

Misaotra anao, Ramatoa Filoha Lefitra.

Arak'izay andinin-dalàna izay vao novakiana teo izay dia feno anio Alatsinainy 1 Jolay 2024 ny fepetra hamaranantsika ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2024 izao ary koa ny famaranana ny fe-potoana fanaovan-dalàna 2019-2024, satria nanomboka ny 2 Jolay 2019 ny naha Solombavambahoaka antsika. Izany hoe, feno 5 taona katroka izay.

Tompokolahy sy Tompokovavy, ambarako fa misokatra manomboka eto izany lanonam-pamaranana izany.

Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta;

Andriamatoa Loholon'i Madagasikara izay misolotena ny Folohan'ny Antenimierandoholona; Ramatoa sy Andriamatoa Mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena sy ianareo Solombavambahokan'i Madagasikara, namana hajaina;

Ramatoa sy Andriamatoa Minisitra Mpikambana ao amin'ny Governemanta;

Andriamatoa Filohan'ny Filankevitra Ambony miaro ny Demokrasia sy ny Fanjakana Tandalàna na ny HCDDDED;

Andriamatoa Filohan'ny Vaomiera Mahaleotena misahana ny zon'olombelona na ny CNIDH;

Andriamatoa Sekretera Mpanatanteraka misolotena ny Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana na ny CENI;

Andriamatoa Sekretera Mpanatanteraka eo anivon'ny Filankevitry ny Fampihavanana Malagasy na ny CFM;

Andriamatoa Tale misolotena ny Folohan'ny Delegasiaona Manokana ao amin'ny Kaominina Antananarivo;

«Excellences Mesdames et Messieurs les Ambassadeurs, Membres du Corps Diplomatiques et Consulaires, tous les représentants Techniques et Financiers de l'Assemblée Nationale»;

Andriamatoa Sekretera Jeneraly sy ianareo mpiara-miasa rehetra ato amin'ny Antenimierampirenena;

Ianareo Mpanao Gazety avy amin'ny haino vakijery maro samihafa;

Ianareo olo-manan-kaja ambony Sivily sy Miaramila araka ny laharam-boninahitra misy anareo avy;

Tompokolahy sy Tompokovavy.

«Tout d'abord, vous me permettez de commencer mon discours en français parce qu'il y a parmi nous dans cette auguste Assemblée des hautes de marque à l'occurrence des Ambassadeurs et des représentants des Corps Diplomatiques, à l'occurrence d'une part qui ne sont pas forcément malgachophone. D'autre part, nous avons aussi des messages à transmettre, alors comme il disait justement Léopold Sédar Senghor je cite: "c'est en français que j'exprime mieux ma négritude"».

Mesdames et Messieurs

Honorables invités,

Nous voici de nouveau réunis en ce palais de l'Assemblée Nationale et c'est avec grand plaisir que nous souhaitons la bienvenue à l'honorable assistance ici présente. Nous sommes particulièrement honorés de l'intérêt que votre présence témoigne à l'endroit de notre Institution. Soyez-en donc vivement remerciés car nous sommes très sensibles à l'honneur que vous nous témoignez.

Il y a à peu, très peu de temps de cela, le mardi 7 mai dernier, nous étions réunis en ces mêmes lieux dans le cadre de l'ouverture officielle de la première session ordinaire de la présente législature. Nous étions alors à la veille des élections législatives, et au cours de mon intervention, j'avais alors fait part de nos appréhensions, de nos inquiétudes et de quelques questionnements relatifs à l'organisation et à la tenue de ces consultations populaires de proximité, concernant notamment l'utilisation abusive de certains membres de personnel de l'Etat ainsi que des équipements et matériels administratifs. A noter aussi certaine forme d'intimidation et de pression de toute sorte...

Bref, toute une série d'irrégularités susceptibles d'entamer gravement la sincérité des votes. La proclamation des résultats officiels de ces élections par la Haute Cour Constitutionnelle a eu lieu le 27 juin dernier. La plupart de nos appréhensions était fondées car les juges électoraux ont mis en exergue les anomalies que nous avions pressenties, d'où l'annulation des résultats douteux dans certains bureaux de vote. Cependant, nous adhérons pleinement au point de vue de Monsieur Le Président de la HCC comme quoi il n'y a aucune élection exempte d'anomalie, car la perfection n'est pas de ce monde. Toutefois, il serait malvenu, selon nous, de nous complaire dans ce constat et il importe de tirer urgemment les conclusions qui s'imposent: à savoir qu'il reste encore un long parcours à entreprendre en matière de démocratie et d'instauration de véritable Etat de droit à Madagascar. Toutefois, pour tous ce qui étaient accomplis, nous tenons à remercier tous les acteurs de ce processus électoral, en particulier la CENI, la HCC et toutes les structures qui de près ou de loin ont contribué chacun en ce qui le concerne à mener à bon terme ces consultations populaires.

Mais le triomphalisme ne devrait pas être de mise. Du reste, la sagesse de nos ancêtres nous le recommande en ces termes: «Adin'ombalahin'ny mpianakavy, ny mandresy tsy hobiana, ny resy tsy akoraina». Autrement dit en traduction libre: dans un combat de taureaux au sein d'une même famille, le vainqueur ne doit pas être porté en triomphe et le vaincu ne doit pas être humilié. Une leçon de «fair-play» en somme, car en politique on affronte des adversaires en combat loyal mais on n'attaque pas en traître des ennemis jurés. Et de quelque bord politique qu'on soit, quelques soit l'idéologie qu'on professe et la vision qu'on privilégie, tout doit converger vers un but unique: **le développement de Madagascar dans la prise en compte de droits fondamentaux et dans le respect de la dignité humaine de chaque citoyen**. L'exclusion, l'intolérance, la ségrégation sous toutes ses formes doivent être bannies car contraire aux principes universellement admis et en opposition avec la philosophie et la sagesse Malagasy soucieuses du vrai Fihavanana.

Nous voici donc arrivée au terme de la présente législature au cours de laquelle nous avons eu à assumer dernièrement la charge de Président par intérim. Une lourde responsabilité, certes à laquelle nous n'avions pas pu nous soustraire par respect du Règlement Intérieur de notre Institution.

Au cours de notre mandat, de nombreux projets de développement touchant plusieurs domaines de coopération ont été menés à bon terme (énergie solaire hybride installé au Palais de Tsimbazaza, fruit de la coopération avec le Gouvernement Indien; équipement du Parc Auto et de la Cafétéria grâce à un don du Gouvernement Chinois, etc...). Pour tout ce qui était entrepris, nous sommes redevables à l'appui et au soutien de nos partenaires techniques et financiers à qui nous adressons notre sincère reconnaissance.

A l'heure actuelle, à l'instar de bon nombre de pays, notamment ceux de continent africain, Madagascar traverse une période particulièrement difficile: inflation galopante, paupérisation généralisée, insécurité préoccupante, perte de repères morales et culturelles. Il importe de porter remède à ces maux qui gangrènent la vie de la nation. Toutes les Institutions de la République ont un rôle à jouer dans cette véritable croisade en particulier **«les représentants élus du peuple»** qui vont siéger au sein de notre Institution. Ils doivent jouer pleinement leur rôle de Solombavambahoaka **«porte-parole du peuple»**, être à l'écoute de ses besoins en apportant des solutions rapides et concrètes à ses problèmes. J'exhorte ainsi tous les collègues qui vont siéger prochainement dans ces travées à jouer pleinement notre rôle de législateurs et assurer en même temps un contrôle attentif et rigoureux des actions de l'Exécutif. Qu'on ne nous affuble plus du sobriquet «de parlement croupion composé de bénis oui-oui» sans envergure ni personnalité. Il est temps de rehausser le prestige et le pouvoir réel de l'Assemblée Nationale émanation directe de la volonté populaire. Saisissons l'opportunité qui nous est offerte d'infléchir positivement et durablement l'avenir de notre pays.

Mesdames et Messieurs,
Je vous remercie pour votre aimable et attentive écoute».

Tompokolahy sy Tompokovavy,
Raisiko ho fifaliana sy haravoana mandrakariva, ny mandray ny adidy etoana, handahatra ny teny ary handravona ny hevitra amin'izao fotoam-pamaranana ny fivoriana fanaontsika izao. Fotoam-pamaranana roa sosona manan-danja manokana satria sady famaranana ny fivoriana ara-potoana voalohany no sady famaranana ny fotoam-panaovan-dalàna (mandat parlementaire) ihany koa.

Tsy atao ambany maso tsy hita ihany koa ianareo vahiny manan-kaja tonga manotrana eto. Indrindra fa ianareo Solombavambahoaka namana mpiara-miasa «sarotra hafoy tokoa toa havan-tiana».

Isaorana eto Andriamanitra Ray Tsitoha nitahy sy nitantana ny diantsika teto, ka izao samy tody ny farany izao isika rehetra; na izany aza dia tsy hadinontsika ireo namana izay nodimandry ka tsy nahatratra izao fotoana izao, kanefa na dia teo izany, tsy nitsanga-menatra isika tamin'ny adidy vita.

Tompokolahy sy Tompokovavy,
Efa notanisaina teto ihany ireo asa rehetra vita nandritra iny fotoam-piasantsika iny, ka «tsy hotsimponina toy ny akotry intsony na hosidihana toa vato», fa tsara ihany raha «fehezina toa entana entin-davitra» satria natao ho an'ity Andrimpanjakana goavana ity sy ho an'ny Firenena iray manontolo izany.

Sahinay ny manambara etoana fa tontosa amin'ny ampahany betsaka ireo asa telo (3) lehibe antom-pisian'ny Antenimierampirenena araka ny voafaritry ny Lalàmpanorenana ao amin'ny Andininy faha-68 dia ny fandania Lalàna, ny fanaraha-maso ny asan'ny Mpanatanteraka ary ny Fanombanana ny Politikam-panjakana.

I. MAHAKASIKA NY FANDINIHINA IREO TOLO-DALANA SY VOLAVOLAN-DALANA.

Miisa 125 ny Volavolan-dalàna nodinihina teto amin'ny Antenimierampirenea nandritra ny vanim-potoana niasantsika teo.

Miisa 53 kosa ireo Tolo-dalàna.

1 FANARAHAMA-MASO NY ASAN'NY MPANATANTERAKA

Mahakasika ity asa ity kosa indray dia nahitana fananganana Vaomiera mpanadihady na «Commission d'Enquête Parlementaire» miisa 11.

Nahatratra 2076 ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka nandritra ny «séance de questions au Gouvernement».

2 MIKASIKA NY FANOMBANANA NY POLITIKAM-PANJAKANA

Natsangana tamin'izao fe-potoam-piasana izao koa ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana na ny "Commission d'Evaluation des Politiques Publiques" izay miaramiasa akaiky amin'ny "Cour des Comptes".

II. EO AMIN'NY LAFINY IRAISAM-PIRENENA

Betsaka ny dingana vita teo amin'ny Diplomasia Parlemantera notarihan'ny Biraos Maharitra teo ambany fitarihan-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena teo aloha ary nivelatra tamin'ny vazan-tany efatra izany.

Nandray anjara mavitrika ny Antenimierampirenena mahakasika izany, raha tsy hilaza afa-tsy ny teo anivon'ny Biraon'ny «Assemblée Parlementaire de l'APF»; ny tao amin'ny «Comité Exécutif de Forum Parlementaire de la SADC» ary nandray anjara mavitrika tamin'ny famelomana indray ny «Assemblée Parlementaire de la Commission de l'Océan Indien» isika Antenimierampirenena Malagasy;

III. EO AMIN'NY LAFINY «LOGISTIQUE»

- Anisan'ny nisongadina ny fametrahana ny «energie solaire hybride» eto amin'ny lapan'ny Antenimierampirenena, izay fiaraha-miasa tamin'ny Governemanta Indiana.

- Tao koa ny fiaraha-miasa tamin'ny Governemanta Sinoa tamin'ny alàlan'ny fanomezan'izy ireo vola mitentina 15.000 \$ izay nahafahana nanao ny fampitaovana ny «Parc Auto» (Garage) sy nanatsara ny «Cafétéria»-n'ny Antenimierampirenena.

- Tao koa ny «dématérialisation»-n'ny asa tamin'ny alàlan'ny «renouvellement du parc informatique» sy ny fanatsarana ny «Réseau Internet» ary ny «redynamisation du site web et des réseaux sociaux de l'Assemblée nationale». Izany no nahafahana nanao ireny "Session Virtuelle" ireny nandritra ny "COVID 19", ary mbola miantoka ny "Visioconférence" hatramin'izao.

IV. MAHAKASIKA IREO HETSIKA SY ASA SAMIHAFIFA

- Na teo aza ny “COVID 19” dia Varavarana misokatra na «Portes ouvertes» vitsivitsy no vita sy tanteraka.
- Narafitra ihany koa ny raki-panehoana ireo Solombavambahoaka izay nanomboka tamin’ny nahazoantsika ny fahaleovantena dia ny «Assemblée Constituante» ka hatramin’izao.
- Fiofanana sy fanatevenana traikefa maro no nositrahana’ny Solombavambahoaka sy ny mpiasa teto anivon’ny Antenimierampirenena na teto an-toerana izany na tany ivelany.
- Tao koa ny «relance de la revue trimestrielle Écho de l’Assemblée Nationale»;
- Sy ny «Élaborations des différents guides à l’endroit des députés: guides des commissions permanentes, des groupes parlementaires, des Assistants et des Conseillers».
- Ary ny tena zava-dehibe izay tsy latsa-danja amin’ireo rehetra ireo dia ny nahavitana nandrafitra sahady ireo Vina ho an’ny ho avin’ity Andrimpanjakana ity dia ny nandrafetana ny “Plan Stratégique de Développement de l’Assemblée Nationale 2020-2025” ary efa vonona amin’izao famaranana ny fe-potoam-piasana izao ny fanombohana izany na ny “plan de mise en œuvre”.

Marihina fa ny Mpifara-miombon’antoka dia navitrika tokoa tamin’ny fiaraha-miasa tamin’ny Antenimierampirenena nahafahana nanatanteraka ireo rehetra ireo.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Ao anatin’ny fironan-tsaina tomponandraikitra kosa anefa dia tsy maintsy tsorintsika sy tenenina ny marina, fa nisy tokoa ary ny asa vita, fa tsapa ihany koa ireo lesoka. Mba tsy hiverenan’izany amin’ny fotoam-panaovan-dalàna izay hitsidika tsy hoe ela ity dia heverinay fa tokony hatao vaindohan-draharaha koa amin’io fotoam-panaovan-dalàna vaovao io ny fandinihana ny “Code d’Ethique et de Déontologie” izay efa voalaza rahateo ao amin’ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Toy izay sy toy izay raha nanao dian-tana kely isika mahakasika ireo asa vita, ny lesoka mila arenina ary ny sosokevitra hanatsarana io fotoam-piasana vaovao ho avy io. Ato amin’ity Andrimpanjakana ity mantsy no tanimbarin’ny Firenena, ka isika Solombavambahoaka no miasa izany. Raha ato no tsy lavorary dia ho mosary amin’ny lafiny rehetra ny vahoaka. Noho izany, “sompitra ambany rihana miantoka ny fotoan-tsarotra” eto amin’ny Firenena ny Antenimierampirenena, ka rariny raha atao tsara aro sy tsara karakara.

Antenaina fa mbola tsy monamonaina ianareo hihaino ny tohin’ny lahateny, satria “ny vodihena hono tsy miainga aloha”, ka hitodika amin’ny raharaham-pirenena indray isika izao.

Koa satria raharaha-pirenena no resahina fa tsy raharahan’antoko na firehana ary amin’ny anaran’ny Antenimierampirenena sy ny Solombavambahoakan’i Madagasikara rahateo no itenenana, ka tsy hiandany ankavia na ankavanana aho eto, fa ny marina no holazaina ary ny marina hitam-poko, hitam-pirenena irery ihany.

Roa volana lasa izay, ny Talata 7 Mey 2024 dia nifanatri-tava teto isika tamin’ny fanokafana tamin’ny fomba ofisialy ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohany tamin’ity taom-piasana ity. Ankehitriny, tonga eo amin’ny fotoam-pamaranana izany fotoam-pivoriana ara-potoana voalohany izany isika sady mamarana ny fotoam-piasantsika Solombavambahoaka voafidy dimy taona lasa izay. Noho izany, mamela ahy hampahatsiahy vetivety ireo fotokevi-dehibe izay nasongadina tamin’izany.

Tsy sanatria fitiavana hamoha fota-mandry fa kosa mba tsy ho very momoka ao an-tsain'ny tsirairay ireo tsangan-kevitra mafonja heverina fa tokony hibaiko ny fitantanana ny raharaham-pirenena amin'ny ankapobeny.

Ankatoky ny fifidianana Solombavambahoaka tamin'io fotoana io, ka noho izany dia niompana tamin'ny fiheverana ny handavorariana izany fifidianana izany ny lahateny. Voatanisa àry ireo ahiahy tsy ihavanana maro samihafa: ny fampiasana ny fitaovam-panjakana sy ny olom-panjakana sasany, tsindry sy ramatahora tamin'ny toerana sasany, fitanilàna samihafa, sns... Ankehitriny anefa, tontosa izany fifidianana izany ary iarahamahafantatra ny vokatry ofisialy navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana. Nitombina tokoa angamba ireny ahiahy ireny satria matoa aman'arivony ireo fitarainana sy fitoriana tonga teo am-pelan-tànan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana na ny HCC. Noho izany, ombako manana ny tenin'Andriamatoa Filohan'ity Andrimpanjakana ity raha nanambara fa tsy misy fifidianana tonga lafatra zato isan-jato. Koa dia atao toy ny adin'ombalahin'ny mpianakavy tokoa ny raharaha: ny mpandresy tsy hobiana, ny resy tsy akoraina. Fahendrena lehibe nolovaina tamin'ny Ntaolo razantsika izany; kanefa aoka kosa hahay hanatsoaka lesona am-panetren-tena tamin'iny fifidianana iny isika tomponandraikitra rehetra mba ho tena tany tan-dalàna sy demokratika marina i Madagasikara, fa izany no antoka iorenan'ny tena fampandrosoana an'ity Nosindrazantsika ity.

Mikasika ny fiainam-bahoaka ankapobeny. Ny fiakarana'ny vidim-piainana aloha sy ny fahasaratany dia tsy asian-teny lava intsony satria mifandraika tsy afa-misaraka amin'ny toetry ny toekarena marefo eto amintsika izany. Raha ny vaovao farany izay nambaran-dRamatoa Minisitry ny Fitantanam-bola mahakasika ny FEC sy ny FRD dia angamba mety azo tsaboina sy asam-panafody ihany izany raha toa ka ny tena aretina sy ny fanafana marina no hojerena. Raha namelabelatra ny Lalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana teto Ramatoa Minisitry ny Fitantanam-bola dia efa nanambara ihany ny hirosoana amin'ny politikam-pitsitsiana, ka antenaina fa hitodika amin'ny lafiny fanatsarana ny toekarena izany.

Na eo aza anefa izay politikam-pitsitsiana izay, rariny raha mba jerena amin'izay ny mpiasam-panjakana sy ny mpiasa tsy miankina satria efa elaela ihany izy ireo no tsy nisitraka ny fampiakaran-karama ka lasa marefo tsy mahatohitra ny fiakaram-bidim-piainana. Tsy izay ihany fa efa ainga vao no antenaina, ka tsara raha averina amin'izay ny fanomezana mari-boninahim-pirenena ho an'ny mpiasam-panjakana sy ny tsy miankina ary ireo olom-pirenena nahavita be teto amin'ny Firenena satria henonay atỳ ny fitarainan'izy ireo mahakasika izany.

Malahelo koa ireo mpiasam-panjakana izay vao nisotro ronono sy ireo efa ao anatin'izany, fa zary tsy misy hasiny sy tsy voakarakara ireo Raiamandreny zoky olona kanefa mba nahavita soa teto amin'ny Firenena ihany.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Tsy hitsikera, hoy aho, teo no antony andraisam-pitenenana eto, satria tsy hiteny misy fironana. Efa vita iny ny teo aloha, nahitana ny lesoka ary handraisana lesona. Fitarainana sy antso vitsy avy amin'ny vahoaka ihany iny nentina iny, ka tsy maintsy ambara.

Hiditra amin'ny fotoam-piasana vaovao isika izao, ka efa antenaina sahady fa hatao vaimpohan-draharaha ny famaliana ireo taraina ireo.

Raharaha politika ihany, mifandraika amin'ny fiampitana amin'ny fotoam-panaovan-dalàna vaovao dia tsara ny manamafy fa ny Antenimierampirenena no antoky ny fitoniana hahafahana mampandroso. Raha eken'ny Mpanatanteraka ny manome Hasina ity Andrimpanjakana ity dia tsy isalasalana ny ilazana fa afaka manampy tokoa izy ho amin'izany fampandrosoana ny Firenena izany. Tokony hiainana sy hampiharina tsara ny votoatin'ny Lalàmpanorenana sy ny andinin-dalàna rehetra ao. Tsy maintsy hajaina antsakany sy andavany ny fisaraham-pahefana sy ny fifandanjam-pahefana eto amin'ny Firenena, fa raha tsy izany dia handringa ny fitantanan-draharaham-panjakana.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

“Ny tanety lava, hono, misy hisainana, ny fotoana lava misy handiniana ary ny teny lava misy handraisana”. Tsy izaho mazoto handahatra, fa ny adidy sy andraikitra no mibaiko. Izay no voaomana, izay no sahaza, ka isaorana antsika rehetra naharitra nihaino sy nahafoy fotoana.

Ny hafatra avy aminay Antenimierampirenena dia tsotra: samia manao izay ho afany isika tomponandraikitra rehetra mba hikatsahana ny soa sy fahombiazana ho an'ny Firenena. Firenena iaraha-manana izy ity, Tompoko. Tsy misy tompony samy irery, ka afaka hamihina ho azy irery ny anjara asa miantoka ny fampandrosoana. Firaisan-kina no hery, ny fiombonana ao anatin'ny fahasamihafana no ahazoana mandroso miaraka. Aoka izay ny andrakandrana fa andao isika hiroso marina tokoa amin'izay amin'ny fanajana ny andraikitry ny tsirairay avy.

Soava-tsara, ho ambinin-java-manasatra sy ho ambinin'Andriamanitra isika vahoaka Malagasy rehetra.

Ho antsika Solombavambahoaka niara-nihira teto kosa nandritra iny fotoam-piasana iny, sahinay ny milaza fa tsy mora ny nandriavantsika iny dimy taona iny.

- Tao ny fotoam-pivoriana tsy maintsy natrehina tao anatin'ny fotoanan'ny “COVID 19”. Nisy mihitsy aza ireo namana Solombavambahoaka sy ny mpiasa tato amin'ny Antenimiera namoy ny ainy noho izany.

- Marobe ireo tsy maintsy nandefarana manoloana izay nokasaintsika.

- Sns...sns...

Midera anareo aho ry Rahalahy sy Anabavy isany Solombavambahoaka tsy ankanavaka, fa lehilahy sy vehivavy mahery ianareo. Ho an'ny Firenena sy ny Vahoaka Malagasy avokoa izay natao rehetra teto, ka afaka mirehereha isika fa nahavita ny adidy napetraka tamintsika.

Efa ofisialy koa ny filazam-bokatra avy tamin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana mahakasika ireo Solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy, ka arahabaina eto avokoa izay hanohy ny asa eto amin'ity Lapa ity. Ho antsika izay tsy tafaverina sy ny nisafidy ny tsy nirotsaka intsony, heverina fa tsy hijanona hatreo akory ny adidy sy andraikitra horaisinareo ho fanompoana ny Firenena any amin'ny sehatra hafa.

Misaotra anareo Vahiny manan-kaja tonga nanotrana izao lanonam-pamaranana izao. Teo foana ianareo isaky ny niantso sy nanasa izahay, ka mendrika anareo tokoa ny haja amam-boninahitra omenay anareo.

Farany, ho anareo mpiara-miasa eto anivon'ny Antenimierampirenena izay tarihan'Andriamatoa Sekretera Jeneraly. Amin'ny anaran'ny Birao Maharitra sy ny Solombavambahoaka iray manontolo no isaorana anareo tamin'ny tan-tsoroka sy fanampiana natolotrareo ho fanatanteraha ny asa rehetra natao teto. Midera anareo izahay amin'ny fahavononana mandrakariva nasehonareo na atondro na alina, indrindra amin'ny fahaiza-manao izay nasehonareo. Hisondro-boninahitra amin'ny asa avokoa anie hianareo ary hambinin-java-manasatra.

Samia hotahian'Andriamanitra avokoa isika mianakavy.

Misaotra Tompokolahy.
Mankasitraka Tompokovavy.

- Tehaka -

- 4 -

- Fifaranan'ny fivoriana -

Andriamatoa FILOHA

Koa ambarako fa mifarana ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2024 ary mifarana ihany koa ny fe-potoana fanaovan-dalàna 2019-2024.

Mifarana hatreo ny fivoriantrika.

Misaotra Tompokolahy.
Mankasitraka Tompokovavy.

- Lakolosy -

Nifarana tamin'ny 12 ora sy 15 minitra, atoandro, ny fivoriana.

